REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

MINISITERAN'NY FITSINJARAM-PAHEFANA
SY NY FANAJARIANA NY TANY

-----------------------

**FANAPAHANA LAHARANA 023 /2024-MDAT**

Entina :
- Manafoana ankitsirano ireo fangatahana napetraka talohan'ny 31 desambra 2010,
- Mametraka fepetra fampiharana.

**NY MINISTRY NY FITSINJARAM-PAHEFANA SY NY FANAJARIANA NY TANY,**

Araka ny Lalàm-panorenana,
Araka ny lalàna fototra laharana 2005-019 tamin'ny 17 oktobra 2005 mametra ny fitsipika mifehy ny satan'ny tany,
Araka ny lalàna laharana 2008-014 tamin'ny 23 jolay 2008 momba ny tanim-panjakana azo amidy, ny an'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana ary ny an'ireo fikambanana mizaka zo aman'andraikitra fehezin'ny lalàna ifampitondran'ny daholobe,
Araka ny didim-panjakana laharana 2010-233 tamin'ny 20 Aprily 2010 mametra ny fomba fampiharana ny lalàna laharana 2008-014 tamin'ny 23 Jolay 2008 momba ny tanim-panjakana azo amidy, ny an'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana ary ny an'ireo fikambanana mizaka zo aman'andraikitra fehezin'ny lalàna ifampitondran'ny daholobe,
Araka ny didim-panjakana laharana 2024-1456 tamin'ny 12 jolay 2024, manendry ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta,
Araka ny didim-panjakana laharana 2024-1612 tamin'ny 22 aogositra 2024, manendry ny mpikambana ao amin'ny Governementa
Araka ny didim-panjakana laharana 2024-049 tamin'ny 20 janoary 2024, mametra ny anjara asan'ny Minisitry ny Fitsinjaram-pahefana sy ny Fanajariana ny tany sy ny fandaminana ankapobeny ny ministera.
Araka ireo fanapahan-kevitra noraisina nandritra ny Filan-kevitry ny Minisitra tamin'ny 31 janoary 2024,
Araka ny naoty n° 060-MDAT/Mi.24 tamin'ny 8 feborary 2024 mikasika ireo fepetra ho fanatsarana ny fitantanana ny tanim-panjakana azo amidy,
Araka ny naoty n° 232-MDAT/Mi.24 tamin'ny 3 jona 2024 mikasika ny fampiharana ny naoty n° 060-MDAT/Mi.24 tamin'ny 8 feborary 2024 mikasika ireo fepetra ho fanatsarana ny fitantanana ny tanim-panjakana azo amidy,
Araka ireo peta-drindrina napetraka teo amin'ny Fari-piadidian'ny Fananan-tany sy ny Fandrefesan-tany,
Araka ireo fangatahana napetraka talohan'ny 31 desambra 2010,
Araka ireo fitanana an-tsoratra mitanisa ireo fangatahana napetraka talohan'ny 31 desambra 2010 nataon'ireo Lehiben'ny Faripiadidiana,
Araka ireo lisitra farany mitanisa ireo fangatahana ho foanana nalefa eny anivon'ny Fitaleavana ny Fananan-tany sy ny Fizakan-tany,
Hita fa ny Filan-kevitry ny Minisitra, dia nanapaka tamin'ny 31 janoary 2024, ny fanavaozana ny paik'ady entina mangataka tanim-panjakana ka araka izany, dia asaina ireo mpangataka hanohy ireo fangatahana ao anatin'ny 90 andro,
Hita, ho tohin'io fanapahan-kevitry ny Filan-kevitry ny Minisitra io, dia noraisina ny naoty n° 060-MDAT/Mi.24 tamin'ny 8 feborary 2024 izay mametraka fepetra maro, tahaka ny fampahafantarana, fanisàna, fanaovana peta-drindrina ireo fangatahana talohan'ny 31 desambre 2010 eny anivon'ny Fari-piadidiana sy ny fandefasana ny fitanana an-tsoratry ny fitanisàna eny anivon'ny Fari-piadidian'ny Fandrefesan-tany
Hita fa io naoty io dia napetraka ho fanafoanana amin'ny ankapobeany ireo fangatahana napetraka talohan'ny 31 desambra 2010 izay tsy mbola nandraisana fanapahan-kevitra,

Hita araka ny naoty n° 232-MDAT/Mi.24 tamin'ny 3 jona 2024 ho fampiharana ny naoty n° 060-MDAT/Mi.24 tamin'ny 8 feborary 2024 voalaza etsy ambony, fa ny Minisitra miadidy ny Fananan-tany no manao sonia ny fanapahan-kevitra fanafoanana amin'ny ankapobeany ireo fangatahana rehefa vita ny lisitr'ireo fangatahana,

Hita, ankoatra izany, fa ireo naoty voalaza etsy ambony dia noraisina mba hanamaivanana ireo Sampandraharahan'ny Fananan-tany sy hanadiovana ny sary tany fitiliana ampiasain'ny Sampandraharahan'ny Fandrefesan-tany amin'ireo fangatahana mipetra-potsiny, dia ireo fangatahana efa mihoatra ny 10 taona sady tsy noraharahian'ny tompony ,

Hita fa efa nisy fanentanana sy varavarana misokatra natao teny anivon'ny Faripiadidiana mba ho fampahafantarana misimisy kokoa ireo fepetra noraisin'ny Fanjakana, mba ahafahan'ny voakasika maneho ny fahavononany hanohy ny fangatahany,

Araka ny tolo-kevitry ny Tale Jeneralin'ny ny Fananan-tany,

**DIA MAMOAKA IZAO FANAPAHANA IZAO:**

**Andininy voalohany.-** Foanana ankitsirano avokoa:

- Ireo fangatahana napetraka talohan'ny 31 desambra 2010 izay mbola tsy nandraisana fanapahan-kevitra, sady tsy narahan'ny tompony talohan'ny daty nankatoavina ity fanapahana ity, ka tafiditra ao anatin'ny lisitra mitovana amin'ity fanapahana ity,
- Ireo fangatahana napetraka talohan'ny 31 desambra 2010 izay tsy tafiditra ao anatin'ny lisitra mitovana amin'ity fanapahana ity sady tsy narahan'ny tompony talohan'ny daty nankatoavina ity fanapahana ity

**Andininy faha 2.-** Ny atao hoe fanapahan-kevitra dia: ny fanapahan-kevitra izay mandidy ny hanaovana titra ny tany mialoha, amin'ny anaran'ny fanjakana Malagasy ; ny mikasika ny fangatahana mametra ny fomba fanomezana ny tany, ny vidin'ny tany na ny hofany na ny fanafoanana ny fangatahana, ary mikasika ny fanohanana.

Ireto avy ny Fahefana afaka manome io fanapahan-kevitra io : ny Lehiben'ny Sampandraharaham-paritry ny Fananan-tany sy Fizakan-tany, ny Lehiben'ny Sampandraharahan'ny Fananan-tany sy ny Fizakan-tany, ny Talen'ny Fananan-tany, ny Tale Jeneralin'ny Fananan-tany ary ny Minisitra misahana ny Fananan-tany, araka izay zava-misy.

**Andininy faha 3.-** Tanan'ny Fanjakana ireo vola antoka narotsaka tamin'ireo fangatahana ireo.

**Andininy faha 4.-** Na izany aza, ireo fangatahana tafiditra na tsy tafiditra tao anatin'ny lisitra fitanisàna kanefa nisy fanehoanam-pahavononana tamin'ireo tompony talohan'ny nankatoavina ity fanapahana ity, dia tsy voakasika amin'ity fanafoanana ity.

**Andininy faha 5.**-Tohizana araka ny dingana misy azy ny fandinihana ireo fangatahana tsy voakasik'ity fanapahana ity.

**Andininy faha 6.-** Na dia misy aza anefa ity fanafoanana ity, dia azon'ireo mpisitraka hatao ny manao fangatahana vaovao ny tany ahitàna fisitrahana, io fangatahana io dia tsy maintsy manaraka ireo fepetra voalazan'ny lalàna mifehy ny tanim-panjakana.

Araka izany, dia tsy maintsy ifanatrehana sy ampahibemaso ny fidinana hijerena ny zava misy eny an-toerana, ary atrehan'ny tompon'andraikitra eny an-toerana sy izay olona heverina fa ilaina ny heviny izay tsy maintsy antsoina. Tsy maintsy arotsaka ao anatin'ny antotan-taratasy ireo taratasy manamarina ny fiantsoana.

Ireo tany tafiditra ao anatin'ny satan'ny tanin'olon-tsotra tsy vita titra amin'ny fotoana andraisana ity fanapahana ity dia fehezin'ny lalàna mifandraika amin'izany.

**Andininy faha 7.-** Na amin'ny ahoana na amin'ny ahoana, ny fanapahan-kevitra raisina dia mifanaraka amin'ireo fehin-kevitra mikasika ny fomba fanomezana tany voalazan'ny lalàna mifehy ny tanim-panjakana, dia ireo fehin-kevitra mifototra amin'ny fahalalahan'ny tany.

**Andininy faha 8.-** Ho an'ireo tany izay tsy mbola misy fisitrahana, ampiharina ny fehin-kevitry ny laharan'ny fangatahana ankoatra ny fahefana manokan'ny Fanjakana ho an'ny tombotsoa iombonana.

**Andininy faha 9.-** Ny paik'ady hampiharina dia ireo fepetra voalazan'ny lalàna laharana 2008-014 tamin'ny 23 jolay 2008 momba ny tanim-panjakana azo amidy, ny an'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana ary ny an'ireo fikambanana mizaka zo aman'andraikitra fehezin'ny lalàna ifampitondran'ny daholobe, sy ireo rijan-teny fampiharana azy.

**Andininy faha 10.-** Atao peta-drindrina eny anivon'ny Birao ny Faripiadidian'ny Fananan-tany sy Fandrefesan-tany voakasika ity fanapahana ity izay ampiarahana amin'ny lisitra mitanisa ireo fangatahana nofoanana izay faranan'ny Lehiben'ny Faripiadidian'ny Fananan-tany ary alefa eny anivon'ny Distrika voakasika mba hanaovana ny peta-drindrina.

**Andininy faha 11.-** Mba ho fialana nenina, omena fe-potoana manokana farany 1 volana aorian'ny nankatoavana izao fanapahana izao ireo mpangataka izao nofoanana ny fangatahana mba ahafahana maneho ny mbola fahavononany hanohy ny fangatahany eny anivon'ny Faripiadidiana voakasika.

Miroso avy hatrany amin'ny fanafoanana ny fitiliana araka ny sarin-tany fitiliana mikasika ireo fangatahana nofoanana tanteraka ireo eo anivon'ny sampan-draharaha ny fandrefesan-tany misy ilay tany raha vao tapitra io fe-potoana farany io.

**Andininy faha 12.-** Tehirizina amin'ny toerana voatokana azo antoka eny anivon'ny Biraon'ny Faripiadidian'ny Fananan-tany ireo antontan-taratasy rehetra voakasik'ity fanapahana fanafoanana ity.

**Andininy faha 13.-** Havoaka ary haely amin'izay rehetra mety ilàna azy izao fanapahana izao.

Antananarivo, faha 0 6 SEP 2024

ANDRIANTSITOHAINA Franck Michel Niaina